# Filemona

1 I Paoly, mpirohi' IESOÀ Norizañey, naho i
Timoty rahalahintika: Ho a i Filemona rañetse
naho mpifanehake ama'ay, 2 naho i Apiae ra-
havaventika, naho i Arkipo lahin-defon-tika,
vaho i Fivory añ' anjomba'oy: 3 Hasoa naho
fañanintsiñe ama'areo boak' aman' Añahare
Raentika naho i TALÈ IESOÀ Norizañey.

### *Fañandriañañe naho Filolofañe*

4 Mañandriañe an'Andriananañahare nainai'e
naho manoñoñe azo amo filolofakoo— 5 amy te
tsinanoko ty fatokisa'o amy TALÈ IESOÀ naho ty
fikokoa'o o noro'e iabio — 6 soa te hamokatse
ho ami' ty faharendrehañe ze hasoa ama'o amy
Norizañey ty fitaroña'o am-patokisañe. 7 Toe
mahafale naho mañohò ahy ty fikokoa'o, amy
nampanintsiñe'o ty arofo' o noro'eoy, ry raha-
lahy.

### *Ty Halalie'e i Onesimosy*

8 Ie amy zao, ndra hoe mirearea amy
Norizañey raho handily azo hanao ze mañeva,
9 fe o fikokoañeo ty ihalaliako, zaho Paoly
migain-kantetse naho mpirohi' IESOÀ Norizañey
henaneo, 10 ie idrakadrakafako i Onesimosy
anako nampiareñeko, zaho an-tsilisily, 11 ie tsy
nahasoa azo te taolo, fa mahasoa azo naho
ahy henaneo. 12 Ahitriko mb'eo am-bata'e re,
ty troko 'nio, 13 ie ho nitanako atoa hitoroñe

ahy ty ama'o amo rohy toañe ty amy talili-
soay, 14 f'ie tsy ho nanao inoñ' inoñe naho tsy
niera ama'o hey soa tsy ho nazitse ty hasoa ho
nanoe'o an-tsatri'o. 15 Va'e zay ty nifampirià'e
ama'o betebeteke handrambesa'o aze indraike
ho pak' añ'afeafe'e añe, 16 tsy ho ondevo ka,
fa lombolombo' ty ondevo, toe rahalahy ìsoke,
mentsake amako, fa somandrake ama'o an-
tsandriñe naho amy TALÈ ao.

## *Ty Fampitama'i Paoly i Filemona*

17 Aa naho atao'o rañe'o raho, le ampihovao re
manahake te zaho. 18 Fe naho eo ty nandilara'e
azo ndra anaña'o songo ndra fire-fire, le amp-
isongò amako. 19 Zaho Paoly ty manoratse toy an-
tañako. Zaho ty hañavake—tsy hataoko ty hoe te
nisongoe'o amako ty fiai'o. 20 Eka, ry rahalahy,
hasoao raho amy TALÈ ao; ampanintsiño amy
Norizañey ty troko. 21 Ihe atokisako te hiantoke,
ty anokirako, amy te apotako te ho likoare'o i
asakoy.
22 Tovo'e, añalankaño trañon' ambahiny hito-
bohako, fa o halali' areoo ty itamako te hatolots'
ama'areo. 23 Mañontane azo t'i Epafra, mpindre-
pirohy amako am' IESOÀ Norizañey, 24 naho i
Marka, i Aristarko, i Demasy, i Lioke, mpifane-
hake amako.
25 Ty hasoa' i Talè Iesoà Norizañey amo arofo'
areoo. Amena.

# Saontsin' Añahare
## The Holy Bible in the Tandroy language of Madagascar
## La Sainte Bible en langue tandroy de Madagascar

Copyright © 2023 Steve Lellelid

Language: Tandroy (Malagasy, Tandroy-Mahafaly)

DRAFT VERSION

This translation is made available to you under the terms of the Creative Commons Attribution Share-Alike license 4.0.

You have permission to share and redistribute this Bible translation in any format and to make reasonable revisions and adaptations of this translation, provided that:

You include the above copyright and source information.

If you make any changes to the text, you must indicate that you did so in a way that makes it clear that the original licensor is not necessarily endorsing your changes.

If you redistribute this text, you must distribute your contributions under the same license as the original.

Pictures included with Scriptures and other documents on this site are licensed just for use with those Scriptures and documents. For other uses, please contact the respective copyright owners.

Note that in addition to the rules above, revising and adapting God's Word involves a great responsibility to be true to God's Word. See Revelation 22:18-19.

2024-04-23

---

PDF generated using Haiola and XeLaTeX on 23 Apr 2024 from source files dated 23 Apr 2024

25d648f1-3cb3-5c21-a9e0-49038eca9d1c